NAHITA NY HELO AHO (Lorne Fox)

Misy olona tsy mino fa misy ara-bakiteny ny helo. Izaho mino. Mino izany aho, voalohany, satria mampianatra sy manizingizina ny Baiboly fa misy izany, ary faharoa, noho ny fahatsapana lehibe sy mahagaga izay nentin'Andriamanitra tao am-poko, izay tsy haiko ho lavina.

Raha nandry nitsilany, nandritra ny ora telo mahery aho, indray tolak'andro, dia nanome ahy fahitana ny Tompo. Nanaitra sy nanetsika ny foko ny fahitana ny sasany tamin'ireo voninahitry ny lanitra; ary nony avy eo dia navelany hahita ny sasany amin'ireo zava-mahatahotra sy mahatsiravin'ny helo aho.

Tsy maty tsy akory aho, tiako ho azo mazava tsara izany. Azon-tsindrimandry fotsiny aho, toy ny nahazo ny apostoly Petera ao amin'ny ASA 10:10. Izaho dia tsy mba olona mpitia nofy sy fahitana, saingy tamin'io andro io Andriamanitra dia naneho an-tsary teo anoloan'ny fanahiko, ny fisiana mahatsiravin'ny helo tamin'ny fomba izay tsy hahaizako manadino izany na oviana na oviana.

Hitako an-tsary teo anoloako ny fanahin'ny lehilahy tsy voavonjy iray, mizotra mankany amin'ny mandrakizay teo amin'ny fotoana nahafetasan'ny vatany. Io fanahy io dia nandao ny fonenany mety maty, ny tenan'ny tany, ary nifindra monina avy tao amin'ny efitrano nahararian a ka nankeny an'habakabaka. Niatomboka nidina izany. Ambany, ambany, ambany hatrany ka nankany amin'ireo faritra ambany, dia nihamaizina ny zavatra rehetra. Tsy ela dia tonga mainty aoka izany ka na dia izay olona marani-maso indrindra aza dia tsy afa-mahita roa santimetatra miala amin'ny masony. Nefa ilay fihetsehana na fahatsapana fidinana dia mboly mitohy, ary rehefa afaka fotoana vitsivitsy dia nanomboka nipoitra nitsilopilopy aloha, fahazavana sy aloka hafahafa mahatahotra. Izany dia toy ny jiro mitselatselatra izay mihamamiratra miandalana hatrany. Ny rivotra niainana, izay efa nafana, dia tonga nanevokevoka tampoka ary nila tsy ho tanty, dia niato kely ilay fidinana. Avy any amin'ny faritra ambany dia nisy zava-boahary niakatra, nahatahotra ny fijery azy, izay inoana mazava fa nirahina mba hitarika ilay fanahy very amin'ny sisa amin'ny diany ho any amin'ny fanjakana any ambany. Dia naira-nanohy ny fidinany ilay fanahy very sy ilay zava-boahary hafahafa; ary tsy lavitra azy ireo, dia navela aho, tamin'ny fahitana, hidina sy mbola hitazana indray.

Tany ambany lavitra anay, tamin'izany dia nanomboka nihavoafaritra tsara ny endri-javatra. Dia niseho, lavitra any ambaninay, hazavana boribory mena lehibe… io no niavian'ilay hazavan'afo nitselatselatra izay hitako. Nihangezabe hatrany izany, arakaraka ny nanakaikezanay, mandra-pahatongan'izany ho nankadiry be indrindra nony farany, ka tsy misy afa-mahita ny manodidina azy. Ny mba hany azonay jerena dia faritra kely tao anatin'ilay fahitana. Tiako ny hilaza izao: io zava-boribory goavam-be io dia voarakotra lelafon'ny AFO ARA-BAKITENY, tsia heveriko fa marina kokoa ny milaza hoe AFO MITSIRANOKA , satria toy izany no nisehoany. Lelan'afo mitsiranoka no nandrakotra ny faritra rehetra an'ilay zava-boribory, ary nilelaka koa ny lelan'afo teny an-tampony.

Farany dia nitsahatra ilay fidinana, raha tonga teo anatrehan'ilay zava-bontolo boribory izahay, na nanakaiky izany. Nisy toa fisehoana fifampitolomana nafana nandritra ny fotoana iray na roa, teo amin'ilay fanahy very sy ilay mpitarika mahatahotra izay tonga noho ny aminy. Rehefa izany, tampoka, niaraka tamina fikiaka lozan-tany, dia natosika, ny lohany nandeha aloha, namaky ilay rindrina afo ilay fanahy, dia nangina ny zava-drehetra, afa-tsy ny filelak'ilay lelafo.

Tampotampoka, nisy fahatsapana nampitsangam-bolo nandalo teo amboniko. Iraka iray nirahina avy tany amin'ny Tompo no nitsangana teo anilako ka niteny hoe: "Aza matahotra. Nirahina avy tamin'ny Tompo aho mba hanohana sy hanatanjaka anao". Dia niditra tao anatin'ny vatan-tenako indrindra ilay fahatsapana mampitsangam-bolo sy hafahafa, ary tsapako voatosika tampoka namakivaky ilay afo, ny lohako nandeha aloha. Tsy nahamay na nandratra izany. Vetivety tao anatin'ny indray mipi-maso, dia hitako tany amin'ny sehatra hafa ny tenako. Izany dia toy ny any amin'izao tontolo izao hafa. Ary tao amin'io tontolo io no nandrenesako fiantsoantso sy fieroneron'ireo fanahy an-jatony tsy hita isa intsony.

Nandre tomany sy fitaraindrainana aho; nandre antsoantso sy ozona; tokelaka maneso sy manaraby. Ara-pahatsapana, raha mbola tsy nilaza tamiko ilay mpitondra ahy avy any an-danitra, no nahafantarako fa tany amin'ny faritanin'ireo very aho, dia ilay toerana antsointsika hoe: HELO.

Avelao hiato fotoana lavalava aho hilaza izao: INOAKO ARA-BAKITENY NY HELO, satria lazain'ny Baiboly fa ara-bakiteny izany. Fantatro fa misy izany. Tsy vitan'ny hoe hampahorian'ny afo ara-bakiteny mandrakizay ny fanahin'ny lehilahy sy vehivavy very fa hampahory azy ireo koa ny ota sy ny faharatsiana izay nahatonga azy ireo ho very. Satria hitako, arakaraka ny nitarihan'ilay mpitari-dalana ahy tamina lavaka sy fieferana maro samihafa, fa voazarazara ho faritany samihafa ny HELO.

Tery ambonimbony tery dia nahitako ireo karazam-pilokana lehibe indrindra izay tsy hay heverina na oviana na oviana. Nangoro-vitsika aho. Fomba filokana izay azoko antoka fa tsy mbola nampiasaina tety ambonin'ny tany no tao. Nisy antontam-bolamena sy volafotsy ary vatosoa nisavovona, ary dia nilokan'ireo fanahy very izany. Niloka an-katezerana fatratra izy ireo, isak'izay mikasika ny vola, dia mahamay izany, ka mihemotra izy ireo, nefa dia toy ny misy hery tsy hay tohaina mitarika azy ireo hiloka indray. Nankaleo azy ireo izany, nankahalainy, niriny ny handositra izany, nefa tsy azony natao. Toy ny misy herin'andriamby nihazona azy tamin'ilay toerana.

Vao tsy ela akory izay, raha nankany Boise Idaho, izahay, dia nanana fahatsapana hafahafa aho. Namaky sora-baventy teny amin'ny sisin-dalambe izahay nilaza dokam-barotra toeram-pilokana iray any Reno Nevada. "Te-handeha ho atsy amin'ilay toeram-pilokana aho mba hijery izay atao ao fotsiny". Alina tamin'izay.

Nandeha an-tongotra niditra tao izahay ary namakivaky ireo lalan-tsara. Olona an-jatony maro no revo nanao ny karazam-pilokana rehetra. Nangatsiaka tampoka ny rako. Nitodika tany amin'ny vadiko aho ka nanao hoe: "Ndeha hivoaka tato isika, azafady. Efa hitako izao toerana izao tany aloha, ary tsy tiako ny hitoetra aty akaikikaiky aty". Nivoaka tany ala-trano izahay ary akory ny hatsaran'ny rivotra mangatsiatsiaka nofohinay indray. Efa hitako ny zavatra mitovy tsara amin'io, saingy ratsy kokoa ny tany amin'ny sehatr'ireo very!

Tao amin'ny fizarana hafa ny helo dia nahita dihy nitohy tsy niato mandrakizay aho. Raha nanakaiky aho ka nahita ny tavan'ireo fanahy very, dia nangoraka azy ireo tamin'alahelo lehibe ny foko, satria TOROVANA SY RERAKA faraidiny tanteraka izy ireo. Mba nandahatra izy hoe:" Moa tsy mba mahazo miato na dia fotoana fohy aza izahay?" Nefa tsy nisy fijanonana. Ilay dihy mandrakizay dia nitohy hatrany hatrany, toy ny vilanibe fanaovana dibera.

Tsy mbola nandany fotoana be nitoriana nanohitra ny fikoranan'izao tontolo izao mihitsy aho, satria inoako fa rehefa VOAVONJY MARINA ny olona, dia hesorin'ny Tompo ao anatin'ny fony ny

FANIRIANA ny hanao zavatra toy izany. Nefa hiato fotoana lavalava aho hilaza izao: Ny trano fanaovana dihy moderna no iray amin'ireo vela-pandriky ny devoly izay lehibe indrindra mitondra mivantana ho any amin'ny helo.

Amin'ny toerana hafa indray dia fiaraha-misotro mandrakizay no atao. Efa mba nahita sehatry ny fidorohana tsy fampiseho masoandro teto amin'izao fiainana izao aho, nefa tsinontsinona izany raha oharina amin'ny sehatra fibobohana feno habibiana izay mitohy mandrakizay any amin'ny helo. Ary tsy afaka manajanona izany izy ireo, ry sakaiza. Io zavatra izay nitondra azy ireo ho any amin'ny helo io, dia mampahory azy ireo tsy misy fitsaharana mandritra ny MANDRAKIZAY MANONTOLO!

Any amin'ny toeran-kafa any amin'ny helo no nahitako ny endriky ny TAHOTRA faraidiny sy mivaivay indrindra izay tsy mbola nisy toa azy hatrizay hatrizay.

Tsy mbola hitantsika na oviana na oviana izay toy izany teto ambonin'ny tany.

Isam-potoana dia nisy antsoantso, fikiaka, sento, na izay mety karazam-peo hafa, isak'izay mandre ny fipiapiaky ny lelafon'ny helo, ireo vahoaka mahonena, sarotahotra faraidiny ireo dia nitroatra niverina nankany amin'ny aloka, mipararetra, mihorohoro. Ary marobe kokoa ny olona amin'izany kilasy izany, raha ny hitako, noho ny amin'ny kilasy hafa rehetra tafatambatra. Ireo hoy ilay iraka niaraka tamiko, no ireo vahoaka an-tapitrisany izay sarotahotra loatra ny hanaiky an'I Jesosy Kristy AMPAHIBEMASO sy niharihary. Ny tahony no nitondra azy ireo ho aty amin'ny helo: tahotra fianakaviana, tahotra ray aman-dreny, taho-bady (na lahy na vavy), tahotra namana na sakaiza mpiara-miasa, karazan-tahotra an'itsy sy iroa. Dia very tany izy ireo, feno tahotra faraidiny izay nampipararetra azy ireo, arakaraky ny nirehetan'ny lelafon'ny helo tsy nisy farany.

Farany amin'ny rehetra dia mety ho tafintohina angamba ianao raha hilazako fa vavolombelona nanatri-maso ny fisian'ny endri-pivavahana any amin'ny helo koa aho. Ny zava-maneno nampiarahina tamin'izany dia ampy hanongotan'ny olona ny volon-dohany. Mety hiresaka zava-maneno ambany karazana ianao, nefa mbola tsy naheno zavatra mitovy amin'izany na oviana na oviana. Fa toy ny zava-manenom-pandevenana faran'izay ratsy karazana indrindra izany ka mampidilotra hatrany amin'ny taolana. Fivavahana! Tsy misy fanompoana an'Andriamanitra fa endri-pivavahana . Ary raha nijery olona marobe tamin'izany aho, dia nilazan'ilay mpitondra hafatra fa ireo no izay mba nanana endri-pivavahana teo aloha, nefa nandà ny HERIN'NY FILAZANTSARA.

Ry sakaiza, ny RAN'I JESOSY IRERY IHANY sy ny finoana azy amin'ny fo no hany afa-mamonjy ny lehilahy na ny vehivavy tsy ho very mandrakizay. Ireo olona tany amin'ny helo dia niantsoantso FAMOTSORANA na aiza na aiza, nefa tsy nisy fanampiana, satria efa nanao tsinontsinona ilay Rà izay hany manankery hamonjy azy ireo. TSY NISY NA DIA IRAY AZA AFA-NANDOSITRA! Ilay rindrin'afo izay nandrakotra ilay zava-bontolo vorivory be dia toa efitra mandrakizay tsy azon'ny fanahy very ihoarana na oviana na oviana intsony, rehefa tafiditra ny lelafo izy teo amin'ny fotoana nahafatesan'ny vatany.

Eh! Mirary aho mba hanana fahefana hahatonga ny helo ho tena azo tsapain-tànana aminareo, ry sakaizako, tahaka ny nanaovan'Andriamanitra azy tamiko. Ho nafoiko avokoa na inona na inona raha mba azoko natao ny hanampy anareo ho tonga saina fa tena mahatsiravina izany. Efa voavonjy ve ianao ka eny an-dàlana ho any AN-DANITRA?, sa mizotra mankany amin'ny HELO?.

Raha tsy mbola nanaiky an'I Kristy ho Mpamonjy ny tenanao manokana ianao, azafady ataovy izany izao ora izao indrindra. Mety ho tara indrindra ny rahampitso.

Miantso anao Andriamanitra izao. Hoy Izy: "Tsy hifandahatra amin'ny olona mandrakariva ny Fanahiko", nefa mifandahatra aminao Izy izao. Mangataka anao avy amin'ny halalin'ny foko indrindra aho, miverena amin'ny Tompo dieny mbola manana hetaheta sy fahazoa-manao izany ianao. "MITADIAVA an'I Jehovah dieny mbola hita Izy". Nahita ny helo aho, ary tsy maniry anao hahita izany.

MAT 13: 41-42: "Ny Zanak'olona (Jesosy) haniraka ny anjeliny, ary ireny dia hanangona ka hamoaka amin'ny Fanjakany ny zavatra mahatafintohina rehetra, mbanin'izay manao MELOKA, dia hanipy azy any amin'ny fandoroana lehibe mirehitra afo, any no hisy ny fitomaniana sy ny fikitroha-nify".

MAT 25: 41, 46: "Ary dia hilaza indray amin'izay eo ankaviany kosa Izy hoe : MIALA Amiko, ianareo izao voaozona, ho any amin'ny AFO MAHARITRA MANDRAKIZAY, izay voavoatra ho an'ny devoly sy ny anjeliny… Ary ireo dia hiala ho any amin'ny FAMPIJALIANA MANDRAKIZAY, fa ny marina ho any amin'ny FIAINANA MANDRAKIZAY.

LIO 16: 22 – 26: "Maty ilay manankarena, dia nalevina, ary tao amin'ny HELO dia niandrandra izy, TAO ANATIN'NY FANGIRIFIRIANA, ka nahita an'i Abrahama teny lavitra teny, sy Lazarosy teo an-tratrany. Dia niantso izy ka nanao hoe : Ry Abrahama raiko, mamindrà fo amiko, ka aoka re hirahinao Lazarosy hanoboka ny rantsan-tànany amin'ny rano, mba hampangatsiatsiaka ny lelako, fa FADIRANOVANA AHO ATO ANATIN'ITY LELAFO ITY! …" Ary mihoatra noho izany rehetra izany, misy tevana mankadiry ajadona eo anelanelantsika, mba tsy ho afa-mita mankeny aminareo izay te-hiala ety, ary tsy ho afa-mita hankety aminay izay eny".

APO 14: 9 – 11: "Ary ny anjely fahatelo nanaraka ireny dia nanao tamin'ny feo mahery hoe : Raha misy miankohoka eo anoloan'ny bibidia sy ny sariny, ka MANDRAY NY MARIKA EO AMIN'NY HANDRINY NA EO AMIN'NY TANANY, dia izy koa no hisotro ny divain'ny FAHATEZERAN'ANDRIAMANITRA, izay aidina tsy misy fangarony ao anatin'ny kapoakan'ny Fahatezerany ; ary HAMPIJALIANA AMIN'NY AFO SY SOLIFARA eo anatrehan'ny anjely masina sy eo anatrehan'ny Zanak'Ondry izy ; ary ny setroky ny fijaliany dia hiakatra mandrakizay mandrakizay ; ary TSY HANAM-PITSAHARANA NA ANDRO NA ALINA, izay miankohoka eo anoloan'ny bibidia sy ny sariny, ary na iza na iza MANDRAY NY MARIKY ny anarany".